## Sabotsy 12 septambra 2026 – Filan-kevitry ny Minisitra ampitain-davitra

## I. FAMPITANA AM-BAVA

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fananganana ny Kaomity Teknika Nasiônaly Mpikarakara ny Fankalazana ny faha- 68 taonan'ny Repoblika voalohany atao any Anahidrano Antsohihy ny 14 oktobra 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fametrahana ny fanomezan-dalana manokana avy amin'ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika na ny Praiminisitra ho an'ny sidina manokana *(jet privé)* rehetra.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanolorana ho an'ny Tafika Malagasy ny vokatra azo avy amin'ny tahirin-karena *« bitume »* voajanahary ao Ankininina Bepokoy, Fokontany Besao, Kaominina Ambanivohitra Morafenobe, Distrikan'i Morafenobe, sy izay mety ho hita miandalana manamorona iny lalana iny, hampiasaina amin'ny fanamboarana ny lalam-pirenana RN1 BIS.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fananganana ny Kaomity Teknika Nasiônaly Mpikarakara ny Fahatsiarovana ny tsingerin-taona voalohany ny 25 septambra 2025, niantombohan'ny Tolona ho an'ny Fanavaozana an'i Madagasikara.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandoavana ny latsakembok'i Madagasikara ao amin'ny Vondrona Egmont.

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny Fivoriambe ara-potoana faha 81 an'ny Firenena Mikambana, ny faha 22 hatramin'ny faha 28 septambra 2026, any New York, Etazonia.

### MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanolorana ny drafi-pirenena fiomanana sy fialohavana ny fanohanana ny maha-olona, ary adisisika ho an'ny famatsiam-bola ny fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana handraisan'ny Fanjakana an-tanana ny Hetra Tambatra (TVA) sy ny Hetra ary ny Haba amin'ny fanafarana Entana (DTI) amin'ireo fitaovana ampiasaina amin'ny tetikasa famatsiana herinaratra eny ambanivohitra amin'ny alalan'ny tambajotra madinika, izay mampiasa angovo azo havaozina.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny hetra, haba ary fadin-tseranana rehetra, ao anatin'ny fanampiana omen'ny African Legal Support Facility (ALSF) amin'ny alalan'ny tolotra torohevitra ao amin'ny sehatry ny fitantanam-bolam-panjakana.

**MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny vinavinan-kevitra mikasika ny fametrahana ny fomba fiasa API-PNR na fampahalalana mialoha momba ny mpandeha sy fitahirizana ny anaran'ny mpandeha.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika fangatahana ny famerenana amin'ny laoniny ireo tetibola voatokana tany am-boalohany handoavana ny Ora fanampiny sy ny Tambim-pisahanan-draharaha ao anatin'ny fanatanterahana ny *« LFR 2026 »*, izay nampiasaina hoenti-mandray an-tanana ireo fandaniana tsy ampoizina tamin'ny fanatanterahana ny *« LFI 2026 »*.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fidiran'i Madagasikara ho mpikambana eo anivon'ny "Fikambanana Afrikanina-Aziatika ho an'ny fampandrosoana eny Ambanivohitra" (AARDO) sy fandoavana latsakemboka isan-taona.

**MINISITERAN'NY FIOMPIANA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny hametrahana Fifanarahana momba ny Foibe *(Headquarters Agreement)* eo amin'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny *International Livestock Research Institute (ILRI)*.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA + MINISITERAN' NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava iombonana mikasika ny tetikasa fametrahana Ivon-toeram-piofanana momba ny fizaka-manana ara-tsaina.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanatanterahana maika, miaraka amin'ny *Karpowership Global DMCC*, ireo dingana ilaina amin'ny fametrahana tobim-pamokarana herinaratra mitsingevana eny an-dranomasina manana tanjaka 34 MW, natao hamenoana ny tsy fahampian'ny famokarana herinaratra eto Madagasikara.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanatanteraka ireo dingana ilaina hahazoana ny famatsiam-bola ho an'ny tetikasa laharam-pahamehana Volobe Amont momba ny famokarana herinaratra avy amin'ny rano.

**MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana manokana mba hanafainganana ny fifanarahana amin'ny tsenam-baro-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny tany.

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisana mpitantana ny fantsona lehibe fitaterana rano *(pipeline)* ao Ampotaka Tsihombe.

**MINISITERAN' NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA + MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava iombonana mikasika ny fanomeza-dalana hitrandraka ny tahirin-drano voajanahary ho an'ny Orinasa GASY MI, izay mitondra ny anarana hoe « MinoRano », ao amin'ny Fokontany Manjaka Vontovorona, Kaominina Ambanivohitra Alakamisy Fenoarivo, Distrika Atsimondrano, Faritra Analamanga.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanolorana ny fehin-kevitra vokatry ny fikaonandohan'ny Tanora ho an'ny fanavaozana.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fikarakarana ny fankatoavana ny Pôlitika Nasiônalin'ny Tanora izay kasaina hatao ny faran'ny volana septambra 2026.

## II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolanina ny didim-panjakana anekena ny Antenimieram-pirenena hanao fivoriana tsy ara-potoana.

- Nolanina ny didim-panjakana anambarana ny hamehana momba ny angovo manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

### MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

- Nolanina ny didim-panjakana enti-manova ny anarana hoe *"Camp MICHELIER"* ho "Toby Jeneraly RALAHY Paul".

- Nolanina ny didim-panjakana hamaritana ny fandaminana sy ny fitsipika mifehy ny sampan-draharaha ara-panahin'ny Foloalindahy.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1183 tamin'ny 12 novambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RAZANAPARANY Miora Norberthine Elysée** ho Tale misahana ny Raharaha ara-tsôsialy eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika.

### MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-389 tamin'ny 4 aprily 2020 ary manendry ny **Kôlônely RATSIMBAZAFIMAHARO René Michel** ho Talen'ny Birao misahana ireo Fandalinana sy ireo Vinan'asa eo anivon'ny Etamazaoron'ireo Tafika.

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1914 tamin'ny 13 novambra 2024 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAFIMAHATRATRA Lee-Ame Airelle** ho Tale misahana ny Raharaham-pitsarana, kônsily ary ny fifanolanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-Bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny ***Capitaine de Vaisseau*** **RALIJAONA Misa Avotra** ho Tale misahana ny Arofenitra eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-Bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOVAO Rivo** ho Masoivohon'i Madagasikara any amin'ny Fanjakan'i *Belgique* sy Solontena eo anivon'ny Vondrona Erôpeanina any *Bruxelles, Belgique.*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa MANDEHATSARA Georget** ho Masoivohon'i Madagasikara any amin'ny Repoblikan'i *Inde.*

## MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-027 tamin'ny 8 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa MALO Orlando Delphin** ho Lehiben'ny Distrikan'i Fandriana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-409 tamin'ny 28 febroary 2024 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMIHITSAKISA Timothée Roger** ho Lehiben'ny Distrikan'i Soavinandriana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAMIANDRISOA Mahefandrainibe** ho lehiben'ny Distrikan'Atsimondrano.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMANANTENA VALAZAFY Bien Aimé** ho lehiben'ny Distrikan'Antanimora-Atsimo.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-665 tamin'ny 3 martsa 2026 ary manendry an-d**Ramatoa TOLONATREHANA MAHAVITA Ida**, ho Lefitry ny Prefen'ny Pôlisin'ny Tanànan'Antananarivo.

## MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo mpikambana ao amin'ny Kaomity misahana ny fahavoazana mifampiankina mety hitranga.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo mpikambana ao amin'ny Kaomity misahana ny Filan-kevitra sy ny Fandrindrana.

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-307 tamin'ny 20 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAMAROSON Solofo Mihary** ho Tale misahana ny Fonenana sy ny Fanajariana ara-dalàna ny Tanàn-dehibe eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-447 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa FANAMBINANARITIANA Francis Marie Etienne** ho Filohan'ny Filankevi-pitantanana ao amin'ny Foibe Nasiônaly momba ny Fampianarana Ampitain-davitra eto Madagasikara (CNTEMAD).
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMANDIMBY Honoré** ho Filoha Vonjimaika ao amin'ny Anjerimanontolo ao Ampanihy.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAMANANARIVO Hugo Ronald** ho Filoha Vonjimaika ao amin'ny Anjerimanontolo ao Fitovinany.

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAZAIARIMANANA Voahangy Rivesty Aimée** ho Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena ao Atsimo Andrefana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1713 tamin'ny 08 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIANDRIAMIANDRISOA Ranja Hajanirina** ho Tale misahana ny Fampahalalam-baovao eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-201 tamin'ny 15 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa EMILSON Fidèle** ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao amin'ny Faritra Sofia.

## MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-448 tamin'ny
  30 martsa 2022 ary manendry an'**Andriamatoa ANDIANONY Herindrazana Bien-Aimé** ho Tale misahana ny Fitantanam-bola sy ny lafiny fampitaovana eo anivon'ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-420 tamin'ny
  23 martsa 2022 ary manendry an'**Andriamatoa RAVELOMANANTSOA Mahitavelo Alexandre** ho Tale misahana ny lafiny Tekinika eo anivon'ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-449 tamin'ny
  30 martsa 2022 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANIRINA Luc** ho Tale misahana ny Fanadihadiana Anatiny eo anivon'ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy.

## MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-449 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa TSITOANY Joêl Landry Odon** ho Talen'ny Raharaha Ara-bola sy ny Fitantanana ny Fananana eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-060 tamin'ny 12 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANANDRASANA Denis Pierre** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Analamanga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1174 tamin'ny 06 jona 2019 ary manendry an'**Andriamatoa WALLGENE Manjarisoanirina Francia** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-400 tamin'ny 12 aprily 2023 ary manendry an-d**Ramatoa ANDRIANARIVO Oniarilova** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Vatovavy.

## MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-256 tamin'ny
  22 febroary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa MAHALEFITRA Velomasy** ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao amin'ny Faritra Betsiboka.

## MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-632 tamin'ny
  20 janoary 2026 ary manendry an-d**Ramatoa EDELIN ANDRIAMIANDRISOA Princia** ho Talen'ny Diplaomasia Maitso sy ny Fiaraha-miombona antoka eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa BODA Manevasoa Christina** ho Tale misahana ny Fanombanana ny Tontolo Iainana sy ny Ady amin'ny Fandotoana sy ny fitantanana ny fako (DEELP) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

## MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2096 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RATSIFERANA Zo Maharosoa** ho Talem-paritry ny Fizahantany sy ny Asatanana ao amin'ny Faritra Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asatanana.

## MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-528 tamin'ny 6 martsa 2024 ary manendry an-d**Ramatoa ANDRIANINTSOA Tsarafeno Lalasoa** ho Talen'ny Fandrindrana ny Sampandraharahan'ny Paositra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RABARIARIVO Hery Nirina Josué** ho Talen'ny Serasera sy ny Fiaraha-miasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAHERINIAINA Sergino Odilon**, ho Talem-paritry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Faritra Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

## IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-483 tamin'ny 6 martsa 2024 manendry ny Tale Jeneraly misahana ny fiaraha-miasa iraisampirenena eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-902 tamin'ny
  8 aprily 2026 nanendry ny Tale misahana ny Fitantanam-bola eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Fampivelarana ny Sehatra tsy Miankina.

***Antananarivo, 12 septambra 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***